REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » ALAROBIA 5 MAY 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY NOTARIHIN'NY FILOHAM_PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA :

**HIROSO AMIN'NY DINIKA « 3P » ny FANAOVANA NY "AUTOROUTE" ANTANANARIVO TOAMASINA**

Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ary nankatoavina ny hanaovana ny dinika 3P (Dialogue compétitif) ifandrimbonan'ny fanjakana sy ny mpandraharaha tsy miankina manodidina ny fanaovana ny "autoroute" mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina izay nahitana ny fandraisan'anjaran'ireo orinasa miisa 09 izay efa za-draharaha eo amin'ny fanamboarana sy fitantanana azy ireny.

**TSY MANDOA TATAON-KETRA IREO MPANJONO MADINIKA**

Notapahan'ny Filankevitry ny Minisitra fa ireo mpanjono lamatra madinika aty amin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara dia tsy mandoa tataon-ketra ary ireo mpanjono salantsalany mihoatra ny 5GT dia hotanana ny tataon-ketra efa nampiharina tamin'ny taon-dasa. Izany no natao dia mba hitsinjovana ireo olona mivelona amin'ny jono izay misedra olana vokatry ny valanaretina COVID-19. Herintaona no faharetan'ny didim-pitondrana mametra ireo tataon-ketra ho aloan'ireo sambo mpanjono amin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara izay horaisin'ny ministeran'ny fambolena, fiompiana ary ny Jono.
Misokatra ny 11 may 2021 ny jono makamba ary noferana ny isan'ny fahazoan-dalana mandritra ny herintaona nomena ireo orinasa mpitrandraka izany aty amin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara.

**HIROSO AMIN'NY FANAOVANA IREO TETIKASA MIANTRAIKA MIVANTANA AMIN'NY VAHOAKA NY MINISTERAN'NY FITATERENA SY FIZAHANTANY :**

Toeram-pakana aina manamorona ny lalam-pirenena miisa 5 no aorina ao Moramanga, Sakaraha, Ambilobe, Manakara, Ifanadiana. Harenina ireo fiantsonan-dalamby miisa 5 ao Manakara, Tolongoina,

Sahambavy, Sahasinaka, Fenomby. Amboarina ny draisine any Manakara. Hametrahana toerana famantarana ny toetrandro manarapenitra miisa 12 manerana ny Nosy toy ny any Ranohira, Antsohihy, Analalava, Ambatondrazaka, Ambositra, Vohémar, Manakara, Tsiroanomandidy, Mahabo, Ankazoabo, Ikalamavony, Andapa hanampiana ireo efa misy. Tafiditra ao anatin'ny tetikasam-panjakana amin'ity taona ity avokoa izany ary mitentina 9,3 miliara ariary ny teti-bola natokana amin'izany.

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY VOLAVOLAN-DALANA :

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola :**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ny didim-panjakana mikasika ny fandraisan'ny fanjakana anjara ao anatin'ny orinasa vahiny hiasa eto amintsika hamokatra siramamy na ny SDM. 30% no anjaran'ny fanjakana ka hahazo ny vokatra mifandraika amin'izany ihany koa izy isan-taona. Ny ampaham-bokatra dia amidy eto an-toerana ary misy koa ny aondrana any ivelany. Afaka 20 taona dia hiverina amin'ny fanjakana iray manontolo ny orinasa sy ny fitaovana rehetra ampiasain'ity orinasa vahiny ity.

## III- FANENDRENA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena :**

- **Atoa RAHERINTIANA Jacques Adrien Giovani**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Office de l'Education de Masse et Civisme ».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fizahantany, ny Fitaterana sy ny Famatarana ny toetrandro :**

- **Atoa BEANTIDAHY Johan Rodolphe**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Valorisation des Produits Touristiques ».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Asa, ny Fampanan'asa, ny Asam-panjakana, ary ny lalàna sosialy :**

- **Ramatoa RAJOELY Miamina Harilanto**, dia vaotendry ho Tale misahana ny « Sécurité Sociale des Travailleurs »

# IV- FANAFOANANA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manafoana ny fanendrena ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto :

**<u>Araka ny tolokevitry ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanambola :</u>**

- Foana ny didim-panjakana laharana faha -2019-551 tamin'ny 27 martsa 2019 nanendrena ny « Directeur des Opérations Financières»
- Foana ny didim-panjakana laharana faha -2019-1960 tamin'ny 16 oktobra 2019 nanendrena ny Tale misahana ny « Dette Publique ».

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena :</u>**

- Foana ny didim-panjakana laharana 2019-686 tamin'ny 10 aprily 2019 nanendrena ny Tale misahana ny « Centre Régional de Formation pour l'Océan Indien »

**Natao androany faha 05 May 2021**
**Ny sampan-draharan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**Eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**